Pierre Ramampy (1897-1961), olona iray tsara sitrapo

Pierre Ramampy., ilay mpanompo nomen'ny Fanjakana sy ny fiarahamonina voninahitra

-Chevalier de l'Etoile d'Anjouan (11 desambra 1932)
-Légion d'honneur (7 may 1946),
-Médaille Commémorative de la Grande Guerre
-Médaille Interalliée dite de la Victoire.
-Mérite agricole (7 aogositra 1951).

Ny taratry ny fahatanoran'ilay tanora iray liana tamin'i Lafrantsa,

Teraka tao Vohitraveotra izy, tanàna ao atsimon'ny ivon-tanin'i Madagasikara, any Betsileo, ny volana febroary 1897 (herintaona taorian'ny naha-frantsay ny nosy). Mpianatra tao amin'ny ambaratonga voalohany tao Tandrokazo, sekoly notantanana pretra Zezoita iray, izy. Nanaraka ny raiamandreniny tany Ambalavao izy avy eo ary namiratra tokoa tamin'ny fianarany ka niditra teny amin'ny « Ecole Normale Catholique » de Fianarantsoa taorian'izay.

Liana mafy tamin'i Lafrantsa izy – raha mbola 8 taona monja izy dia efa naniry hianatra tany Frantsa-ary kivy tamin'ny fampianarana katolika izy, hany ka nirotsaka tao amin'ny tafika frantsay ny faha-7 desambra 1915, niaraka tamin'ny rahalahiny anakiray. Taorian'ny lalan-davitra izay nataony ary nahaliana azy tokoa, dia indro fa tafiditra ho isany tiraiera malagasin'ny « bataillon » faha-12 izy, ilay andiany tokana nirotsaka an'ady ary nandray anjara tamin'ny ady tao Chemin des Dames ny aprily 1917. Rehefa niady mafy nandritry ny folo volana izy dia nanjary nahazo ny aretina bronsitan'ny avokavoka avokavoka ka notsaboina tao Paris aloha, faly ery izy ny nahita ny tanàna, ary avy eo izy dia nanohy ny fitsaboana tany amoron'i Mediteranea.

Ny herimpon'ilay manamboninahitra niady ho an'i Lafransa

Rehefa voatery nody taty Madagasikara izy noho ny lalàna nanery ny miaramila tsy maintsy hody aty Madagasikara taorian'ny ady dia nirotsaka an-tsitrapo ka niverina tao Frantsa izy ny taona 1920 ary nalefa tany Rhénanie izay tany voafehin'ny fahavalo, ary avy eo izy dia nafindra tany amin'ny Sekolin'ny manamboninahitra tany Fréjus izay Sekoly natokana ho an'ireo zanatany mpirotsaka an'ady. Vetivety no nisondrotany voninahitra ka ny taona 1925 izy dia efa nahazo ny laharam-boninahitra adzidà, ary ny taona 1927 indra izy dia nahazo ny laharam-boninahitra lietnà-lefitra. Roa taona talohan'ny hiverenany aty Madagasikara izy dia niady tany Siria, tanàna izay teo ambany fifehezan'ny frantsay, ary niverina taty Madagasikara izy ny volana janoary 1930. Nitoetra naharitra tao amin'ny fari-piadidian'ny miaramila tao Betroka sy Ihosy izy, ka rehefa nahatratra ny fetran'ny taona ahazoany miasa tamin'ny volana febroary 1943 izy dia nanaraka ny « Forces Françaises Libres »ka nafindra tao Diégo Suarez ary namarana ny ady lehibe faharoa tamin'ny laharam-boninahitra Kapiteny.

BETROKA - Groupe d'officiers du Commandement Supérieur du Sud
Pierre Ramampy est assis au premier rang à droite
Collection du musée des Deux Guerres
BETROKA- Andiana manamboninahitry ny Commandement Supérieur du Sud .
Pierre Ramampy dia mipetraka eo amin'ny laharana anoloana eo ankavanana
Tahirin-tsarin'ny Mozean'ny Ady Lehibe Roa

Nisotro ronono Pierre Ramampy ny voalohan'ny volana martsa 1946 rehefa niasa nadritry ny telopolo taona.

Niahy ireo tantsaha Betsileo (1946-1952)

Nanambady an'i Victoire Juliette Rakeandranja, mpanjaitra i Pierre Ramampy tamin'ny taona 1932 ary niteraka vavy telo, izay i Marie Zénaïde ny iray amin'ireo, ary lahy iray. Ireo zaza roa farany dia hanana toerana politika ambony teto Madagasikara. Ny roa amin'ireo zanany kosa, ny taona 1947 sy 1948, harahin'ny telo hafa, dia hamelomaso ny fianakaviana. Niverina ho mpamboly indray ary izy ka dia nikarakara ny fianakaviany sady nanao asa sosialy maro. Filoham-boninahitry ny fikambanana « Amicale des Betsileo » izy. Tsy mba voakasiky ny raharaha 1947 izy, fa nirotsaka kosa teo amin'ny raharaha politika izay hitondra azy any Paris ka ho lasa Mpanolotsaina ao amin'ny « Assemblée de l'Union Française (1947) sady ho voafidy ho isan'ireo olona avy eto an-toerana no ho voafidy ao amin'ny « Assemblée provinciale de Fianarantsoa » amin'ny lisitry ny « Action paysanne et sociale ».

Loholon'i Madagasikara

Loha lisitra tao amin'ny « Entente franco-malgache » izy ary voafidy ka tonga loholona teto Madagasikara. Tany Paris izy dia nanao zavatra roa loha, sady tompon-toerana tao amin'ny komisionan'ny Fiarovana nasionaly izy no mpanampy tao amin'ny komisionan'i « la France d'outre-mer ». Niaro ny tombotsoan'ny Malagasy izy ary nametraka vahaolana maro mahakasika izany, hiditra an-tsehatra izy amin'ny fifidianana mahakasika ny tetibolan'ny ministeran'ny tany Frantsay ivelan'i Frantsa sy ireo miaramila afrikana sy malagasy ary koa ny famoronana ny antenimiera mpitondra tenim-paritra sy antenimieram-paritany teto Madagasikara. Nanolotra fitokisana tanteraka ny Jeneraly de Gaulle izy tamin'ny 1958, saingy tsy nirotsaka ho loholona fa kosa voafidy tao amin'ny Sehatra mpamolavola izay nanomana ny fahaleovantenan'ny taniny. Nody teto Madagasikara izy niaraka tamin'ny fianakaviany. Maty tao Fianarantsoa izy ny voalohan'ny volana martsa 1961.